MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA OLOMPIRENENA VANONA



Rakitra Soa Iombonana



FNUD Fonds des Nations Unies pour la démocratie

UNDP Madagasikara

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA OLOMPIRENENA VANONA

Rakitra Soa Iombonana



## Teny Fampidirana

I Madagasikara dia anisan'ireo Firenena nisafidy ny endri-pitondrana mifototra amin'ny sata Repoblikanina ary mandala ny Demôkrasia.

Ny demokrasia moa , raha fehezina amin'ny teny tokana dia tsy inona fa ny fandraisan' ny olompirenena ny adidy aman'andraikiny eo amin'ny fampandehanana ny raharaham-pirenena.

Azo ambara ho vanim-potoana tena ilana izany indrindra izao iainantsika ankehitriny izao. Vanim-potoana izay tokony hampahafantarana na hampahatsiahivana ny mikasina izany rehetra izany.

Ny adidy aman'andraikitra, izay tsy inona fa fanerena ny olompirenena hanana fomba fitondran-tena ao anatin'ny fiaraha-monina. Marina tokoa fa tompon'andraikitra amin'izay ataony ny tsirairay.Tsy maintsy miezaka hanome ohatra tsara ny tsirairay, amin'ny fanampiana ny daholobe na koa amin'ny fiarovana ny tontolo manodidina azy.

Ny olompirenena mantsy dia Tompon'andraikitra noho izany dia tokony hanana fahaizana amam-pahalalana izy. Miankina tanteraka amin'ny fahafantarana ny zo sy ny adidy mantsy ny fahazoana manatanteraka izany andraikitra izany. Izany hoe, tsy afaka manao hetsika ho toy ny tompon'andraikitra ny olompirenena iray raha tsy fantany sy azony tsarany dikan'ny zony sy ny adidiny.

Ankoatra izany dia tokony hanaja ny fitsipika sy ny lalàna mifehy ny fiaraha-monina ihany koa izy. Ny olompirenena rehetra dia mitovy zo, tsy maintsy manaja ny lalàna sy mampihatra izany amin'ny ambaratonga rehetra. Any amin'ny ambaratonga hafa dia tsy maintsy tena tanteraka ny fanajana ny hevitry ny hafa. Ny fanekena ny hevitry ny hafa noho ny an'ny tena no fototry ny demokrasia tena izy.

Farany ny fandraisana anjara amin'ny fiainam-pirenena, toy ny adihevitra, ny fifidianana mba hampanajana ny heviny ho an'ny tombontsoan'ny rehetra.

Araka izany, ny tanjona lehiben'ity boky kely ity dia ny hanome fahaizana ilain'ny olompirenena mba hihevitra ny tenany ho tompon'andraikitra amin'ny tenany izy, manana adidy amin'ny hafa, amin'ny fiaraha-monina, amin'ny Fanjakana, amin'ny Tanindrazany ary amin'ny tontolo iainany.

Tena takina, araka izany, ny fandraisan'ny olompirenena andraikitra mba hisian'ny fampandrosoana marina ny Tanindrazana sy mba hanjakan'ny tena demokrasia izay miantoka ny filaminana sy ny fahamarinana ao anatin'ny fiaraha-monina.

Natao ity boky ity mba:

- hahafantaran'ny olompirenena bebe kokoa ny zo sy ny andraikiny eo amin'ny tenany, eo amin'ny ankohonany, eo amin'ny fiarahamonina, ny faritra onenany ary ny Fireneny ;
- hahazoany fahalalana bebe kokoa momba ny tanindrazany ary hahafantarany izay miseho any ivelan'ny Fireneny

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

# I. MANAO AHOANA MOA NY OLOMPIRENENA VANONA ?

## A. FAMARITANA

### *1- Ny olompirenena dia izay*

- afaka mandray anjara amin'ny fiainana pôlitika,
- Izany hoe: mizaka ny zom-pirenena (manana kopiam-pahaterahana, feno 18 taona katroka, manana kara-panondro, afaka mifidy, afaka mirotsaka hofidina, manana zo samihafa) ,
- manana fahalalahana sy fahaiza-manao samihafa,
- Mponina ao amin'ny Repoblika : anisan'ny tompon'ny fiandrianam-pirenena, izany hoe  loharanon'ny fahefana izay ampindraminy ny olom-boafidy amin'ny alalan'ny fifidianana,
- manana zo sy adidy ary andraikitra araka ny toerana misy azy, manana fahalalana samihafa.

### *2- Ny olom-banona kosa dia izay manana toe-tsaina amam-pitondran-tena mendrika eo amin'ny tenany manokana, mendrika eo amin'ny  fiarahamonina isan-tokony ary mendrika eo amin'ny Fireneny.*

### *3- Ny olompirenena vanona, araka izany dia olona*

#### a) manana fahalalana ny:

- Tantaran'ny firenena,
- Fanjakana :ny  firafiny, anjara asan'ny rafitra tsirairay sy ny ilàna azy ,
- Fomba fampiasana ireo rafitra samihafa ireo,
- Lalàna isan-tsokajiny : ny Lalàmpanorenana, lalàna, didy, fitsipika, dina,
- Rafi-kevitra, foto-kevitra, soatoavina ilafihan'ny fahefana,
- Kolontsaina malagasy : ny soatoavina, fomba amam-panao,
- Soatoavina  repoblikanina : ny andraikitry ny olompirenena ao anaty rafitra demôkratika,
- Fomba fandraisan'ny olompirenena anjara amin'ny fanapahan-kevitra iombonana.

#### b) manana fahaiza-manao :

- Fahaiza-mamakafaka (manangona sy manamarina vaovao, manazava, mandahatra laharam-pahamehana, mamantatra sy mandanjalanja ny anton-javatra sy ny vokany, mieritreritra, mikirakira hevitra, mitsikera),
- Fahaiza-mifandray amin'olona (mifampiresaka, mifanakalo hevitra: mihaino, maneho hevitra, miady hevitra, mifampiraharaha sy mandresy lahatra, manatratra marimaritra iraisana, manao fifanekena),
- Fahaiza-mandray anjara (miatrika olana, izany hoe mamantatra ny olana, mikaroka /


manolotra vaha olana, manao drafitrasa, tetikasa, fandaharana sy lamina asa, miara-miasa, mandamina fifanolanana, tsy mitanila).

### d) manana toe-tsaina amam- pitondrantena mendrika

Toetra manokana (mandala ny fahamarinana, tia tanindrazana sy mandala ny kolontsaina malagasy sy ny soatoavina repoblikanina, zatra manao adidy sy mandray andraikitra, mifehy tena sy manaja tena, liam-pandrosoana, misokatra amin'ny hevitra sy teknôlôjia vaovao).

### e) manana toetra mandala fiarahamonina

- Manaja  sy mitandro ny zo aman-kasin'ny mpiara-belona,
- Manaja sy mitsimbina ny ain'ny manodidina azy (ny olona, ny biby, ny zavamaniry),
- Manaja ny rafitra sy ny lalàna amam-pitsipika mifehy ny fiarahamonina;
- Mandray anjara feno sy amim-pahamarinana amin'ny fiainam-pirenena;
- Mitsinjo ny soa iombonana sady miaro sy mikolokolo ny fananana iombonana;
- Tia manao adidy sy mandray andraikitra.



## B. MARIKY NY MAHAOLOMPIRNENA

**Ny antontan-taratasy ofisialin'ny olompirenena**

### a) Sora-piankohonana:

Ny sora-piankohonana dia rijan-teny mirakitra :

- ny vaninandro nahaterahana,
- ny mahalahy na mahavavy,
- ny anarana sy fanampiny,
- ny anaran'ny ray sy reny niteraka sy ny asa aman-draharahany ary ny taonany,
- ny toerana nahaterahan'ilay zaza,
- ny anaran'ilay mpanao fanambarana teo amin'ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana izay mirakitra an-tsoratra izany ao amin'ny bokim-panjakana (mitondra kara-panondrom-pirenena sy ny bokim-pianakaviana) filazana momba ny fahaterahan'ny zaza iray any amin'ny kaominina (12 andro aorian'ny nahaterahany).
-

### b) Karapanondrom-pirenena:

Ny karapanondrom-pirenena dia karatra manambara ny firenena niaviana ka mirakitra :

- ny filamatr'ilay firenena,
- ny anarana sy ny fanampin'anarana izay voalaza ao amin'ny sora-piankohonana,
- ny vaninandro sy ny taona ary ny toerana nahaterahana,
- ny laharan'ny karatra,
- ny fonenana sy ny asa atao,
- ny anaran'ny ray sy reny niteraka araka izay voasoratra ao amin'ny sora-piankohonana,
- ny vaninandro sy ny taona nanaovana azy,
- ny distrika nanome azy,

10 taona manomboka amin'ny andro hanomezana azy voalohany na ny fanaovana ny dika mitovy aminy fe-potoana mampanan-kery ny karatra.

| Taratasy ilain'ny rehetra amin'ny fanaovana karapanondrom-pirenena (Fangatahana voalohany indrindra - Fanovana anarana - Fahaverezana - Fahasimbana) | Taratasy hafa fanampiny sy manokana isaky ny fangatahana |
|---|---|
| - sary tapaka (4X4) miisa efatra (04) , manatrika, sofina hita tsara, tsy manao solomaso fiarovana amin'ny masoandro<br>- Fanamarinam-ponenana miaraka amin'ny sary<br>–Fanamarinam-ponenana tsy misy sary -1<br>- Fangatahana an-tsoratra<br>- Vola fandoa amin'ny fahazoana azy (Ar 300). | **FANGATAHANA VOALOHANY INDRINDRA**<br>- Sora-piankohonana na taratasim-pandovana na bokim-pianakaviana<br>- Fanambarana ataon'ny ray aman-dreny ho an'izay tsy mbola feno tsara ny faha- 18 ny taonany.<br>- Fanambarana ny tsy fananana kara-panondro ho an'ny olompirenena mihoatra ny 21 taona.<br>**FANOLOANA KARA-PANONDRO**<br>- Taratasy manambara ny fahasimban'ny karatra.<br>**FAHAVEREZANA**<br>- Taratasy filazana ny fahaverezan'ny karapanondrom-pirenena omen'ny manampahefana (pôlisy–zandary), manan-kery mandritra ny iray volana.<br>**FANOVANA ANARANA**<br>- Fanambarana ataon'ny mpangataka any amin'ny tompon'andraikitra ao anatin'ny iray volana.<br>- Sora-piankohonana<br>- Taratasy misy ny didy navoakan'ny fitsarana momba izany fanovana anarana izany |

Raha tsorina dia mamaritra ny **mahaolompirenena Vanona** ny fananany TOETRA AMAM-PIHETSIKA sy "ZO" izay mifanindran-dalana amin'ny fahatontosan' ny "ADIDY" aman'ANDRAIKINY" eo amin'ny sehatra rehetra.

## II. ZO SY ANDRAIKITRO[1] AMIN'NY MAHAOLOMPIRENENA AHY

Mba hahazoana mampivelatra ny tena dia azonao atao ny mampiasa tanteraka ny hasina maholona anao, ny haranitan-tsaina sy ny talenta ananana ary ny feon'ny fieritreretanao, mba hamaliana ireo filana samihafa ao anatinao toy ny filana ara-batana, ara-tsaina, ara-pitaovana ary ara-panahy.

Arovy ary ampiharo ireo zonao ireo eo amin'ny fiainanao andavanandro, toy ny fiainana eo amin'ny lafiny pôlitika, toe-karena, fiarahamonina sy kolontsaina, ...

Manana adidy ihany koa anefa ianao eo amin'ny tenanao, ny ankohonanao, ny fiarahamonina iainanao, ny faritra misy anao ary eo amin'ny firenenao. Izany dia mba handraisanao anjara amin'ny fitsimbinana ny aina, ny fanajana sy fiarovana ny hasina maholona sy ny maha izy azy ny tsirairay.

Ny olompirenena rehetra ao anatin'ny Fanjakana iray dia manan-jo izay eken'ny lalàna misy ho azy ary natao hiantoka ny fandraisany anjara mitovy amin'ny hafa eo amin'ny fiainana ara-tsosialy, ara-toe-karena, ara-politika sy ara-kolontsaina ao amin'ny firenena misy azy. Ny zon'ny olompirenena dia ny fahefana sy fahafahana izay eken'ny lalàna misy ao amin'ny fireneny momba ny fifandraisany eo amin'ny samy olompirenena na amin'ny manampahefana na amin'ny Fanjakana.

*« Manan-jo mitovy avokoa ny olon-drehetra eo imason'ny lalàna ary mahazo ny fahalalahana fototra rehetra izay arovan'ny lalàna tsy misy fiangarana noho ny mahalahy na ny mahavavy, ny fari-pahaizana, ny fari-pananana, ny fiaviana, ny firazanana, ny finoana na ny foto-kevitra ijoroana », Lalàmpanorenana tamin'ny 11 desambra 2010.*

Tsarovy anefa fa misokajy ho ROA ny olompirenena :

- **Ny feno 18 taona** katroka dia olompirenena saingy mbola TSY MANANA FIZAKANTENA FENO amin'ireto lafiny ireto : fifanekena samihafa (fanofana, fisamborambola, fakana vola any amin'ny banky) noho izany mila mpiantoka
- **Ny feno 21 taona** katroka kosa dia manana fizakan-tena feno, izany hoe tompon'andraikitra tanteraka ka tsy mila mpiantoka intsony amin'izay rehetra ataony sy izay vokatra aterak'izany.

1. Misy mampiavaka azy ny hevitry ny teny hoe adidy sy andraikitra. Raha tsorina, ny adidy dia voajanahary ary iombonan'ny olon-drehetra mitovy sata. Ny andraikitra kosa anjara asan'ny olona nomena sata manokana. Samy mora mahavoa tsiny ny tsy fahatanterahana ny adidy sy ny andraikitra. Samy manandanja amin'ny famaritana ny maha olompirenena sy ny maha olom-banona izy ireo. Izany no tsy nanavahana azy eto.

## III. TSY ZO FOTSINY IHANY NO ANANAKO AMIN' NY MAHAOLOMPIRENENA VANONA AHY !

*Ny zo izay tombontsoa azonao takina amin'ny rafitra isan' ambaratongany, ny fiarahamonina isan-tokony, ny mpitondra isan-tsokajiny mantsy…*

dia mifamaly

*amina adidy sy andraikitra izay asa azon'ny rafitra isan'ambaratongany, ny fiarahamonina isan-tokony, ny mpitondra isan-tsokajiny takina aminao ihany koa.*

## KOA INONA AVY ÀRY IREO ZO AMAN'ANDRAIKITRO?…

### A. EO AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA

**Zoko ny :**

- mizaka fananana manokana, mampiasa izany ary mioty ny vokatra avy aminy (mampindrana, mampanofa, mivarotra). Azoko atao, araka izany ny mandà ny fanalana amiko izany fananana (voamarina ara-dalàna) izany. Ny fitsinjovana ny tombontsoam-bahoaka izay mety hahazoako onitra feno ihany no azo anaovana izany raha toa ka ankatoaviko;
- manana ny fiainako sy ny fonenako manokana: tsy misy mahazo miditra ao an-tranoko raha tsy nomeko alalana hanao izany, fa raha tsy izany dia miditra an-keriny izy raha tsy mitondra fanomezan-dalana manokana (mandat de perquisition na hafa) ary amin'izay fotoana izay dia azoko atao ny manery azy hampiseho ahy ny karapanondrom-pireneny sy /na ny karatra maha–mpitandro filaminana azy (carte professionnelle) ; na izany aza dia zoko tanteraka ny mandà ny fitsidihana ny tokantranoko alohan'ny amin'ny dimy ora maraina sy aorian'ny amin'ny fito ora hariva;
- manao fifanarahanana ara-barotra na raharaha hafa amin'olona na Fanjakana na mpandraharaha hafa (fanofana, fifampivarotana, raharaham-bola any amin'ny banky, asa, ...) , araka izay voafaritry ny didy aman-dalàna. Tompon'andraikitra feno amin'izay vokatr'izany ny tenako.

## B. EO AMIN'NY LAFINY PÔLITIKA

**Zoko ny :**

- mizaka ny zon'ny olompirenena,
- mifidy sy milatsaka hofidina amin'ny fifidianana andraisan'ny daholobe anjara,
- mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharaha pôlitika isan'ambaratongany ao amin'ny fireneko,
- Ny zo hiaro ny tanindrazana sy ny mahiray tsy mivaky ny tanindrazana manoloana ny fanafihana avy any ivelany ,
- manangana antoko pôlitika an-kalalahana aho na mirotsaka ho mpikambana amin'izany,
- manao fivoriana na fihetsiketsehana pôlitika raha toa ka am-pilaminana sy tsy manohintohina ny soatoavina malagasy sy repoblikanina ary ny demôkrasia izany,
- maneho hevitra sy/na manome soso-kevitra am-panajana, mifanaraka amin'ny soatoavina malagasy sy ny soatoavina repoblikanina ary mandala ny demôkrasia, mikasika ny fitantanana ny raharaham-pitondrana isan-tokony eo anivon'ny Fireneko.

## D. EO AMIN'NY LAFINY TOE-KARENA, SÔSIALY ARY KOLONTSAINA

**Zoko ny :**

Velona sy manana fahalalahana sy fitoviana eo anatrehan'ny lalàna: ny olombelona rehetra dia teraka hanana fahafahana sy hitovy eo amin'ny fahamendrehana, ny zo ary ny fampiharana ny lalàna;

- miaina malalaka sy manana fivelarana feno: tsy ampiasana herisetra amin'ny alalan'ny teny na amin'ny fihetsika, ara- batana (fandratrana) na ara -tsaina (teny mahery, ompa), na eo amin'ny tontolo mety hivelarako feno (Tontolo lainana: fifandraisana amin'ny samy olombelona, na amin'ny zava-boaary),
- manana hasina sy fahamendrehana: tsy azo ampiasaina na amidy toy ny andevo; tsy azo ampijalina, na sazina, na ampiasana fihetsika tsy mendrika ny maha olombelona; tsy azo ampanaovina asa an-terivozona,
- mitory eo anivon'ny fitsarana raha voahosihosy ny zo fototra,
- arovana amin'ny fisamborana na fanagadrana na atao sesi-tany tsy amin'antony,
- henoina amina fitsarana marina sy mahaleo tena ary tsy mitanila,
- hoheverina ho tsy meloka raha tsy efa voaheloky ny fitsarana,
- mahalala ary ampahafantarina ny didy aman-dalàna,
- arovan'ny lalàna toy ny olon-drehetra: ny aiko sy ny zoko ary ny fananako,

- mahazo fanabeazana mendrika:
    - Fanabeazana izay hamolavola ahy ara-tsaina, hiantoka ny hoaviko; hanome ahy tombon-dahiny mba hahatanteraka ny faniriko ka hahomby eo amin'nyfiainana, hampitombo ny fahafahako mandray andraikitra ara-moraly sy ara-piarahamonina, hanefy ny maha-izaho ahy ary farany handraisako anjara amin'ny fampandrosoana ny tanindrazako,
    - Fanabeazana ara-tsosialy (fahatsiarovan-tena ho olompirenena vanona),
    - Fanabeazana eo amin'ny fianarana asa izay hanazatra ahy amin'ny asa,
    - mahazo vaovao marina tsy nampiharana sivana na an-gazety na amin'ny radio na amin'ny televiziônina.
- ho salama ara-batana sy ara-tsaina, ka mahazo ny fitsaboana fototra, fanafody raha marary, arovana amin'ny aretina (mifindra na tsia) mety misy,
- arovana amin'ny voina sy mahazo fiahiana amin'ny lafiny sôsialy ka miaina am-pahamendrehana,
- miasa, na lahy aho na vavy, na manana fahasembanana na tsia ary misafidy malalaka izany ka mahazo karama mitovy amin'ny hafa amina asa mitovy,
- manana fahalalahana sendikaly aho, anisan'izany ny zo hanangana sendikà miaraka amin'ny hafa na hiditra ho mpikambana ao,
- manana fahalalana amin'ny lafiny toe-karena (manangana orinasa, varotra, endostiria);,
- manana fahalalahana eo amin'ny famoronana amin'ny sehatry ny zava-kanto na amin'ny sehatra teknika,
- mandà izay mety ho endri-panavakavahana amin'ny fandraisana mpiasa na ny fanomezana karama raha asa mitovy no atao na lahy aho na vavy, na manana fahasembanana na tsia,
- miasa amin'ny fanjakana ka afaka mifaninana amin'ny fandraisana mpiasam-panjakana eto amin'ny fireneko raha toa ka mifanandrify amin'ny safidiko sy ny fahaizako,
- manambady sy manorin-tokantrano an-kalalahana na lahy aho na vavy, ka miaina ao anaty fiadanana sy filaminana,
- mivezivezy malalaka sy monina amin'izay toerana tiako eto amin'ny Fireneko;
- mialokaloka any amin'ny firenen-kafa,
- manana fahalalahana hanaraka ny feon'ny fieritreretako (hevitra, fisainana, ny finoana amam-pivavahako,
- miditra ho mpikambana na manorina fikambanana iray ka manao fivoriana na mivory malalaka (izany fivoriana izany anefa dia tsy hanohintohina ny filaminan'ny fanjakana, ny zo sy ny fahafahan'ny hafa; tsy hiteraka herisetra na fikomiana, na fiolonolonana na fifandirana na fifankahalana noho ny fahasamihafana ao amin'ny lafinyny fiaviana, ny finoana, ny firehana, ...),

## E. EO AMIN'NY LAFINY PÔLITIKA

**Andraikitro ka**

- tiaviko ny Tanindrazako ary ireharehako ny mahamalagasy ahy,
- hajaiko ny saina sy ny hiram-pirenena,
- hajaiko ny Lalàmpanorenana, ny andrim-panjakana, ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny Repoblika (Lalàmpanorenana tamin'ny 11 desambra 2010, and.10),
- fantariko ireo karazan'Andrim-panjakana sy ny asany ary ny fifandraisany,
- zatra manentana sy mandray anjara mavitrika amin'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka aho,
- zatra mandray andraikitra na mirotsaka amin'ny fifidianana eo amin'ny sehapitondrana isan'ambaratongany ary manaja ny vokatra azo avy amin'izany.
- zatra mifanakalo hevitra amin'ny mpiray monina amiko aho,
- lazaiko am-panajana sy am-pamendrehana ny hevitro na izay fanakianana ny teti-pitondrana ampiharina ao amin'ny Fireneko.


## F. EO AMIN'NY LAFINY TOE-KARENA, SÔSIALY ARY KOLONTSAINA

**Andraikitro ka**

- fantariko ary arahiko maso ny fitantanana ny fananam-bahoaka eo anivon'ny ambaratongam-pitondrana,
- zatra mandray anjara mavitrika amin'ny asam-pokonolona isan-tokony aho,
- atrehiko sy andraisako anjara ny fivoriam-pokonolona ka ampiasako ny fahaizako maneho hevitra am-pahamendrehana sy mihaino ny hafa,
- arovako ary hajaiko ny fanana iombonana (biraom-panjakana, lalana, tetezana, hopitaly, zaridainam-panjakana, toeram-pidiovana sy fandroana, fanasan-damba, fantsakana, telefaonina, andrin-jiro, anjerimanontolo, tranom-panjakana, lapa, rova, tontolo iainana…), indrindra ny vako-pirenena;
- Hajaiko ny zon'ny olombelona, ny mpiara-belona,
- tsimbiniko ny aina na ny ahy na ny an'ny hafa ka ataoko izay tsy hanelingelenana azy na amin'ny teny na amin'ny toetra amam-pihetsika ary ampiako izy raha mila vonjy indrindra ireo marefo sy iharam-boina,
- hajaiko ny hasina maholona ahy ka arovako tsy hoviravirain'ny hafa ny tenako;
- hajaiko ny teny nomeko,
- lalaiko hatrany ny fahamarinana na eo amin'izay ataoko rehetra aza,
- laviko tanteraka ny kolikoly amin'ny endriny rehetra ary toriko any amin'ny tompon'andraikitra izay manao izany,
- hajaiko ny mpiara-belona amiko, ny mpitandro filaminana mba hahamafy


orina ny fifankatiavana sy ny fihavanana ary ny rindram-piarahamonina sy ny fandriam-pahalemana,

- hajaiko ny fitsipika ifampifehezana eo amin'ny tany ama-monina hahafahana mametraka fandaminana iraisana sy maharitra, manangana fiarahamonina mendrika sy manara-dalàna ary marina,
- aloako ny hetra ny haba isan-tokony tandrify ahy, hahazoan'ny Fanjakana manatontosa ny fiahiana ahy sy ny mpiara-belona amiko,
- hajaiko ny mahamalagasy ahy: ny tanindrazako, ny tenin-drazako, ireo fomba amam-panao, ireo Soatoavina tsy mifanohitra amin'ny Zon'ny Olombelona, ireo ny vakoka malagasy,
- ataoko izay hanabe voho sy tsy haharesy tondromaso ny kolontsaina malagasy,
- fanteniko ny soatoavina aman-kolontsaina vahiny atosaky ny fandrosoana eto amin'ny Fireneko mba tsy hanohintohina ny soatoavina mahamalagasy ahy,
- zatra mikaro-baovao aho fa tsy miandry tolorana, mifantina izay vaovao



marina sy mizara izany amin'ny mpiara-belona amiko,

- tandroviko ny fahasalamako ary mangataka fitsaboana aho raha marary,
- hajaiko sy kajiko ny fahadiovan'ny tontolo manodidina,
- hajaiko sy arovako ny tontolo iainana (tany, rivotra, rano, biby sy zavamaniry indrindra ireo karazana arovana sy ahina ho lany taranaka ary mampiavaka ny Fireneko),
- arovako amin'ny loza samihafa ny tenako (voajanahary na tsia, ny vohoka tsy irina, lozam-pifamoivoizana), ny aretina,
- kaliko sy hajaiko ny asako ary ataoko izay hampiroborobo izany ho fandraisako anjara sahady amin'ny fampitomboana sy ny fampandrosoana ny toe-karen'ny faritra misy ahy sy ny Fireneko .



G. MANOLOANA NY VAHOAKA,

**adidin'ny mpitondra isan-tokony ny**

- manaja ny zo aman-kasina mahaolombelona ny vahoaka;
- miantoka ny fandriampahalemana, ny filaminana sy ny filaminan-tsain'ny mponina ary ny fananany eo anivon'ny fokontany / kaominina / faritra / Firenena;
- manao ny marina sy ny mangarahara eo amin'ny fitantanana (fifidianana, raharaha samihafa, vola sy fananam-bahoaka, fanampiana, ...) ka manaja ny fepetra takin'izany (fanaovana fanambaram-pananana sns.);
- mampahafantatra ny fanapahan-kevitra momba ny asam-pampandrosoana hatao;
- manao tatitra ny amin'ny fitantanana ny vola-bahoaka sy ny fizotry asa natao;
- manome izay ilain'ny mponina (fanomezana ireo taratasy samihafa, sertifikà) :
    - Fanamarinam-ponenana (ilaina ho an'ny fanamboarana ny kara-panondrom-pirenena-ho an'ny fisoratana anarana raha hiditra hianatra, fangatahana volan-jaza) …
    - Taratasy fanamarinana fa tsy misaraka ny mpivady;
    - Taratasy fanamarinana ny maha tokan-tena / mananontena;
    - Taratasy fanamarinana ny maha mpitovo;
    - Fahazoan-dalana samihafa: hafaliana, haratsiana, fanorenana...
- ny manamora izay fomba mety hananan'ny mponina asa mahavelona azy hananany fari-piaina mendrika;
- ny manatanteraka asa sôsialy (fanadiovana samihafa, fanamboarana ny fanariam-pako sy ny fanarian-drano, fananganana sekoly, tobim-pahasalamana, trano na kianja fialam-boly na fanaovana fanatanjahan-tena, ...).

## An'ankina ny zon'ny olompirenena

Mety ho very mandritra ny fotoana fohy na maharitra ny zon'ny maha-olompirenena raha toa ka:

- mandà an-tsitrapo tsy hanatanteraka ny adidiny amin'ny raharaha mahakasika ny fiandrianam-pirenena ( ohatra : tsy mandeha mifidy);
- nampidirina am-ponja noho ny heloka vita teo amin'ny tany ama-monina;

Misy olompirenena no tsy eken'ny lalàna ho afaka miaina mivantana ny zo sy ny andraikitra feno ananan'ny olompirenena, toy ny tsy ampy taona (tanora latsaky ny 18 taona) sy ny voan'ny fahasembanana lehibe (marary saina/adala, ...) noho izy ireo tsy mbola nahalala tsara izay andrasan'ny lalàna aminy sy ny fandraisany andraikitra feno.

## TSARA HO FANTATRA.

### Ny fitiavan-tanindrazana

Ny fitiavan-tanindrazana dia Hery anaty mampientana ny fo sy ny saina amampanahin'ny olona iray manoloana ny tany izay nolovainy tamin'ny Razany. Io Hery io no miteraka embonembona sy tsy fahampiana anaty raha lavitra ny tanindrazana, indrindra raha voatery ho nandao azy. Io Hery io koa no mahatonga faharerahantsaina ary mampihetsi-po manoloana ny faharesena sy ny tsy fahombiazana eo amin'ny fampandrosoana. Farany io Hery io no manainga ny fampahatsiarovan-tenan'ny tsirairay manoloana ny fahantran'ny samy olompirenena sy hahafahana manao izay hahitan'ny tsirairay ny anjara fahasambarana ho azy.

### Maninona no tiavina ny Tanindrazana?


1. Satria antsika izy; tsy misy olona manome ny tanindrazany ho an'ny hafa , raha tsy ao amin'ny tany niaviantsika isika dia vahiny , tsy ananana henamaso, azo roahina.
2. Io no tany nahaterahantsika, tany niaviantsika; tsy hahatokiana ny olona izay tsy fanta-piaviana.
3. Io no tany niaviantsika, iasantsika, araka izany dia afaka mamelona ny mponina ao aminy izy noho ny harena misy ao aminy sy ny vokatra ao aminy.
4. Io no tany hilevenantsika indray andro any ary na dia ireo maty any an-tany lavitra aza raha tsy alevina ao dia ho toy ny very faty ka ny famerenana azy an-tanindrazana dia tena zava-dehibe sy "lafo vidy" tokoa amin'ny fiheverana azy ho Razana.
5. Lova navelan'ny Razana ny tanindrazana: teo no toerana niainany, io no toerana sy Hary nokarakarainy sy nikelezany aina fatratra.
6. Ny tanindrazana no mitahiry ny tantarantsika, ary ao no ahitana ny dindon'ny lasa.

### Ny fandoavan-ketra

Andraikitry ny olompirenena ny mandoa hetra. Ny fanatanterahana an'izany dia mariky ny fitiavany ny tanindrazany.

**Ireo karazan-ketra aloan'ny olompirenena amin'ny Fanjakana**

- *Ny hajia : alaina ny hajia noho ny fizakamanana, ny fananana, ny fividianana fitaovana sasany na ny fananan-javatra. Ohatra: hajia fanampiny ho an'ny adidy amin'ny teny malagasy, hajia noho ny fipetrahana ao amin'ny tranombahiny sy hajia ho fanoratana ny asa atao sy ny famindrana fananana amin'ny anaran'ny hafa.*
- *Ny haba : vola haloa ho takalon'ny fangatahana asa na toerana an'ny fanjakana na an'olon-tokana(tsena, toerana malalaka…).*
- *Ny hetra : vola tsy maintsy aloa amin'ny fanjakana ka ny habetsahany dia voatondro mialoha (hetra momba ny fivezivezen'ny omby, haban-tseranana).*



# IV. MADAGASIKARA TANINDRAZAKO

## A. NY TANINDRAZAKO

- Malagasy aho. Madagasikara no tanindrazako. Malagasy ny tenin-drazako.
- Mahaleo tena ny Taniko hatramin'ny 26 Jona 1960.
- « Repoblikan' i Madagasikara » no anarany
- « Fitiavana, Tanindrazana, Fandrosoana » no Filamatra ijoroany.
- « Ry Tanindrazanay malala ô » no Hiram-pireneko.
- Ny Pasitera Rahajason no nanoratra ny tonony ary
  Norbert Raharisoa no nanao ny feony.

## B. NY HIRAM-PIRENEKO

### RY TANINDRAZANAY MALALA Ô

1-Ry Tanindrazanay malala ô
Ry Madagasikara soa,
Ny fitiavanay anao tsy miala,
Fa ho anao, ho anao doria tokoa.

Fiv:
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

2-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hanompoana anao
Ny tena sy fo, fanahy ananay
Zay sarobidy sy mendrika tokoa


Fiv:
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

3-Ry Tanindrazanay malala ô,
Irinay mba hitahiana anao
Ka ilay Nahary izao tontolo izao
No fototra ijoroan'ny satanao.

Fiv (indroa):
Tahionao, ry Zanahary
Ity Nosin-drazanay ity
Hiadana sy ho finaritra:
He sambatra tokoa izahay

## D. NY SAINAM-PIRENEKO

Ny sainam-pirenena dia mari-pamantarana:
- ny maha-firenena an'i Madagasikara
- ny fahaleovantenany
- ny fiandrianany
- ny taniny



## *1 - Ny lokony*

- **Fotsy**, Mena, Maitso no lokon'ny sainam-pireneko.

Ny **Fotsy** mangatsakatsaka, manambara ny FAHADIOVANA sy ny FAHAMARINANA

Ny Mena midorehitra milaza ny FITIAVAN-TANINDRAZANA sy ny FIANDRIANAM-PIRENENA


Ny Maitso mivolon'ahitra maneho ny FANANTENANA

RANAIVOSON Andrianome, mpiasa tao amin'ny Fiobe Taosaritany Malagasy no namorona azy.

## *2 - Ny habeny*


Ny refin'ny mahitsizoro tsirairay fotsy, mena, maitso, izay mandrafitra ny fanevam-pirenena dia toy izao: indroan'ny Sakany ny Lavany.

(Lavany = Sakany X 2)




Ny refin'ny saina mivelatra dia roa ampahatelon'ny lavany ny sakany

$S = \frac{(LX2)}{3} = \frac{1{,}5mX2}{3} = 1m$




*- 2,70 m X 1,80 m: MINISTERA, DREN*
*- 2,10 m X 1,40 m: CISCO*
*- 1,80 m X 1,20 m: LISEA, KÔLEJY*
*- 1, 50 m X 1 m: SEKOLY FANABEAZANA FOTOTRA*

**Ireo dia refy tsy maintsy hajaina.**

# V - NY REPOBLIKA

## A. MADAGASIKARA : TANY REPOBLIKANINA MAMPIHATRA NY DEMÔKRASIA

Tany Repoblikanina i Madagasikara, izany hoe ny fitantanana ny fitondrana dia andraisan'ny rehetra anjara. Afaka mandray anjara amin'ny fiainam-pirenena ny isambatan'olona, mifidy sy milatsaka hofidina.

### *1. Ny foto-kevitra lehibe ao amin'ny Repoblika*

#### a. Ny Repoblika

Eo amin'ny lafiny fiforonan-teny, ny Repoblika dia lamin-kevitra izay itambaran'ny vahoaka tsy vakivolo. Misy karazany maro ny Repoblika :

- Repoblika mampihatra ny fitondrana mametra ny fahalalahan'ny isambatan'olona noho ny fanomezan-danja ny tombon-tsoan'ny daholobe,
- Repoblika manorina ny fahefana amin'ny finoana an' Andriamanitra ka ny tompon'andraikitra eo amin'ny lafiny Finoana no Mpitondra Fanjakana (Repoblika silamo, ...),
- Repoblika mandala ny demôkrasia. Anisan'ny mampihatra izany i Madagasikara.

#### b. Ny demôkrasia

Ny demôkrasia dia endri-pitondrana iray izay ifehezan'ny Vahoaka ny fahefana (foto-kevitra mikasika ny fiandrianam-panjakana), ka tsy isiam-panavahana na eo amin'ny lafiny taona, na harena na fahaizana (foto-kevitra milafika amin'ny fitoviana). Amin'ny ankapobeny dia ampiharina MIVANTANA na amin'ny alalan'ny SOLONTENA ny demôkrasia, ny solontena izay fidina amina fifidianana no mampiasa ny fahefana.

#### d. Ireto avy ireo lafi-kevitra ijoroan'ny Repoblikan'i Madagasikara :

a. **Fanjakana** manana ny fiandrianany, iray tsy mivaky ary repoblikana izay mitondra ny anarana hoe « Repoblikan'i Madagasikara » izay ao anatin'ny faritra nekena ho azy araka ny lalàna iraisam-pirenena .Tsy misy mahazo manohintohina ny faritra misy azy ».

b. **Tany tan-dalàna** « Mitovy daholo ny olon-drehetra eo anatrehan'ny lalàna ary samy mahazaka manana ny fahalalahana fototra mitovy izay arovan'ny lalàna, ka tsy misy fanavakavahana noho ny maha-lahy na maha-vavy, na noho ny fari-pahaizana, na noho ny fananana, na ny fihaviana, na ny firazanana, na ny finoana, na ny hevitra ijoroana. »

### d. Fifidianana malalaka sy mangarahara:

Ny fifidianana (omanina araka ny lalàna izay miantoka ny fahamarinany) no anendren'ny vahoaka ny ho Mpitantana ny raharaham-panjakany. An'ny vahoaka ny fiandrianam-pirenena, izy no loharano niavian'ny fahefana rehetra ary izy no mampiasa izany amin'ny alalan'ny solontena izay voafidiny tamin'ny fifidianana. Afaka mifidy araka ny fepetra voafaritry ny lalàna ny olompirenena rehetra, na lahy na vavy, manana ny zo maha-olompirenena sy politika.

Ny fanapahan-kevitry ny fitsarana irery ihany no mahavery zo tsy ahafaha-mifidy.

### e. Fitoviana eo anatrehan'ny lalàna:

« Ny lalàna no fomba hanehoana ny finiavan'ny rehetra. Mitovy ho an'ny rehetra izy, izay arovany, manery na manasazy izy.

### f. Foto-kevitra sy lafi-kevitry ny demôkrasia

- Ny fahafahan'ny tsirairay ,
- Ny fanajana ny hevitry ny maro an'isa,
- Ny fisian'ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsarana misahana ny fampiharana azy,
- Ny fanasarahana ireo sokajim-pahefaha (Fahefana Mpanatanteraka, Fahefana Mpanao Lalàna, Fahefam- Mpitsarana),
- Ny fanontaniana hatrany ny hevitry ny Vahoaka,
- Ny fahalalahana hanangana antoko pôlitika maro,



- Ny fahaleovan-tenan'ny Fitsarana.

Ireto endri-pitondrana manaraka ireto kosa no mifanohitra amin'ny Demôkrasia:

- Ny fanjakan'olon-tokana (tantanin' ny Mpanjaka),
- Ny fanjakan'ny Manam-pahaizana (tantanin'ny Avarapianarana sy Avarapahalalana),
- Ny fanjakan'olom-bitsy (tantanim-bondron'olona : fianakaviana, mpanan-karena, ...)
- Ny fanjakana miorina amin'ny Hasin'Andriamanitra ( ny fahefana dia eo ampelatanan'ny Mpitondra fivavahana na ny olona iray izay heverina ho solontenan'Andriamanitra),
- Ny Tangorom-panjakana (izay tantanin'ny mpitari-tafika iray tsy refesimandidy), ny Fanjakan'ny Mpnanao Jadona, sy ireo fanjakana hafa tsy refesimandidy.

Ny demôkrasia eo amin'ny lafiny toe-karena sy sôsialy dia ny fitondrana miantoka ny fanatanterahana ny zo eo amin'ny lafiny sôsialy sy ny trano fonenana ary ny asa sy ny fanabeazana.

## B. NY LALÀMPANORENANA

Vondron-dalàna fototra eken'ny maro an'isa enti-manangana Fanjakana izay mamaritra ny zo sy ny fahalalahan'ny olompirenena ary ny fandaminana samihafa sy ny fanasarahana ny fahefana eo amin'ny lafiny fitantanam-panjakana (ny Fahefana Mpanao Lalàna, ny Fahefana Mpanatanteraka ary ny Fahefam-Pitsarana). Izy no lalàna fototry ny fanjakana iray. Mandrindra ny fomba fiasan'ny Rafi-panjakana isan-tokony (ny governemanta, ny parlemanta, ny fitantanan-draharaham-panjakana) ihany koa ny Lalampaorenana.

### *1. Fa inona moa ny Fanasaraham-pahefana ?*

Ny fanasaraham-pahefana dia foto-kevitra iray izay manome lanja ny fahamarinana, ny fitoviana, ka manilika ny fifanitsahan'ny andraikitra. Noho izany dia voafaritra fa tsy maintsy rafitra samy hafa no mitantana ny Anjara Asa telo lehibe sahanin'ny Fanjakana (ny Fahefana Mpanao Lalàna, ny Fahefana Mpanatanteraka ary ny Fahefam-Pitsarana).

Mifanaraha-maso amin'ny fanajana ny fahatanterahan'ny zo fototry ny isam-batan'olona ireo rafitra telo ireo.

Ampiharina ao amin'izay Fanjakana mitonon-tena handala ny demôkrasia izany fanasaraham-pahefana izany.

### *2. Ireo karazam-pahefana*

#### a) Ny Fahefana Mpanatanteraka

Ny fahefana mpanatateraka no misahana ny Fitantanam-panjakana. Governemanta no ilazana izany. Ho an'ny Fanjakana maoderina dia ny Lalàmpanorenana no mamaritra ny fomba fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta na Minisitra.

Eto amintsika dia ny Filohan'ny Repoblika no menendry sy mibaiko ny Governemanta izay tarihin'ny Praiminisitra (Lehiben'ny Governemanta). Araka izany dia

ny Filohan'ny Repoblika, ny Praiminisitra sy ny Governemanta tarihiny no mampiasa ny Fahefana Mpanatanteraka.

Ny Governemanta no mamolavola ny pôlitika ankapobeny itantanana ny raharaham-pirenena. Izy ny manapa-kevitra sy manao izay rehetra enti-mampandeha tsara ny raharaham-panjakana.

Araka izany dia manatanteraka lalàna, mamaritra didy sy ny rafitra ilaina amin'ny fanatanterahana izany sy ny fitantanana ny raharaham-panjakana fanao andavanandro izy.

Ireo andraikiny :

- mampanaja ny lalàna sy ny filaminan'ny vahoaka;
- mamoaka fitsipika, didim-panjakana na didim-pitondrana;
- momolavola ny teti-pitondrana (pôlitika) sy mitantana ny Firenena;
- mitantana ny teti-pitondran'ny Fanjakana momba ny fifandraisana amin'ny any ivelany;
- miadidy ny Tafika;
- miadidy ny sampandraharaham-panjakana (services publics).

Amina raharaha maika anefa dia afaka manapa-kevitra samirery ny "Fahefana Mpanatanteraka" na dia tsy nakana ny fankatoavan'ny Atenimiera aza izany. Tsy azon'ny maro (olon-tsotra, mpanao gazety...) atrehina ny fivorian'ny Fahefana Mpanatanteraka.

### b) Ny Fahefana Mpanao Lalàna

Anisan'ny rafitra mamorona ny antsoina hoe Fanjakana ny Fahefana Mpanao Lalàna. Fidin'ny vahoaka mivantana na tsy mivantana ny mpikambana amin'ny Fahefana Mpanao Lalàna izay mazàna mizara roa (Antenimierampirenena sy Antenimierandoholona). Azo ambara, araka izany fa mampihatra ny fahefana mpanao lalàna ananany ny vahoaka mandritry ny fitsapan-kevi-bahoaka izay andaniana na anovana ny Lalàmpanorenana, ohatra.

### d) Ny Fahefam-Pitsarana

Anisan'ny rafitra mamorona ny antsoina hoe Fanjakana ny Fahefam-Pitsarana. Izy no manara-maso ny fampiharana ny lalàna, mandinika ny fifanarahan'ny zava-mitranga iray sy ny lalàna ary manao famaizana raha misy hadisoana. Izy no mandamina amin'izay fifanolanana atolotra hotsaraina araka ny lalàna. Ny Fahefam-pitsarana dia ahitana ny Rafi-Pitsarana (ambaratonga: Fitsarana ambaratonga°, Fitsarana Ambony, Fitsarana ambaratonga Fanafoanana Didy, Fitsarana Antampony) sy ny Mpitsara. Mifototra amin'ny lalàna navoaky ny Fahefana Mpanao Lalàna ny fanapahana ataony.

Fototra iorenan'ny Fanjakana tan-dalàna ny Fanasaraham-pahefana.

Araka izany, na tinendrin'ny Fahefana Mpanatanteraka aza ny mpitsara dia

tsy tokony hiray petsapetsa na amin'izay nanendry azy mivantana (Fanjakana) na amin'ny olon-tsotra izay nanendry azy ankolaka. Ny fahafahany no ahazoany mitsara an-halalahana ny Fanjakana noho izy mifototra amin'ny fampiharana ny lalàna izay tsy miankina aminy manokana ankoatra ny fanapahana didy araka ny fandraisany ny hevitr'ilay lalàna.

## D. NY FIFIDIANANA

Fomba iray anehoana ny Safidy amin'ny alalan'ny latsabato ny fifidianana. Antsoina hanatanteraka izany ny olompirenena rehetra manan-jo hifidy. Ny hanendry olona iray na maromaro hisolo tena azy mandritry ny taom-piasana iray (ara-pôlotika, toe-karena, sôsialy…) no tanjon'ny fifidianana. Miankina amin'ny fifidianana atao ny fandraisana anjaran'ny fari-pifidianana tsirairay. Mety ho olon-tokana na lisitra iray lisitra no fidina.

Ohatra :

| Fifidianana | Fari-pifidianana |
|---|---|
| Filoham-pirenena | Madagasikara |
| Solombavambahoaka | Distrika (ny isan'ny mponina no mametra ny isan'ny solombavambahoaka |
| Ben'ny Tanàna | Kaominina |

# FA NAHOANA AHO NO VOATERY MIFIDY?

## *1. MIFIDY AHO MBA*

a) hanatanteraka ny zoko amin'ny maha olompirenena vanona ahy.

b) hahalany izay olona mahafantatra tsara ny olako;

c.) ho ny olona azoko antoka fa hiady ny tombontsoako rehetra amin'ny maha-olompirenena ahy no hisolo tena ahy;

d) handresena ireo izay tsy niraharaha ny tombontsoako sy ny filako

e) hanilihana ireo izay mety hanohintohina ny fahatanterahan'ny tombontsoako;

f) hanomezana vahana ny fandaharanasa mamaly ny hetaheta sy ny filako;

g) handraisako an-tanana ny hoavin'ny taranako ;

h) hanamarihako ny fisiako eo anivon'ny fiarahamonina sy ny Firenena;

i) handraisako anjara amin'ny fanamafisana orina ny demôkrasia eto amin'ny Fireneko;

## *2. FA RAHA TSY MIFIDY AHO DIA*

a) ny safidin'ny hafa no ekeko tsy fidiny. Ka tsy aleo ve ny safidiko ihany!

b) hitarain-dava amin'ny tsy fahatanterahan'ny zoko.

# E. IREO REPOBLIKA NIFANDIMBY HATRAMIN'NY 1958 :

## *1. Ireo filoham-pirenena malagasy*

| Repoblika | Vanim-potoana | Filoham-pirenena | Teny Filamatra |
|---|---|---|---|
| Repoblika voalohany<br>Repoblika Malagasy | 1958 - 1972 | TSIRANANA Philibert | Fahafahana–Tanindrazana–Fandrosoana |
| Repoblika faharoa<br>Repoblika Demokratika Malagasy | 1975 - 1991 | RATSIRAKA Didier Ignace | Tanindrazana – Tolom-Piavotana –Fahafahana |
| Repoblika fahatelo<br>Repoblikan'i Madagagasikara | 1993 - 1996 | ZAFY Albert | Tanindrazana–Fahafahana–Fahamarinana |
| | 1997 –2002 | RATSIRAKA Didier Ignace | Tanindrazana–Fahafahana–Fandrosoana |
| | may 2002 – martsa 2009 | RAVALOMANANA Marc | |
| Repoblika fahaefatra<br>Repoblikan'i Madagagasikara | desambra 2010 | Tsy mbola voafidy ny Filoham-pirenena; mandra-piandry izay dia RAJOELINA Andry Nirina no mitantana ka antsoina hoe Filohan'ny Tetezamita | Fitiavana–Tanindrazana–Fandrosoana |

Azo ambara fa korontana hatrany no niseho teo amin'ny fifandimbiasam-pitondrana ny Repoblikan'i Madagasikara ka nahatonga ireto tetezamita maro manaraka ireto :

## *2. Ireo Mpitondra Fanjakana nandritra ny tetezamita*

| | |
|---|---|
| **11 ôktôbra 1972 - 05 febroary 1975** | Jeneraly RAMANANTSOA Gabriel |
| **05 febroary – 11 febroary 1975** | Kolônely RATSIMANDRAVA Richard |
| **febroary 1975 – desambra 1975** | Jeneraly ANDRIAMAHAZO Gilles |
| **1991 - 1993** | RAZANAMASY Guy Willy |
| **05 septambra 1996 – 09 febroary 1997** | RATSIRAHONANA Norbert Lala |
| **17 Martsa 2009 - ...** | RAJOELINA Andry Nirina |

## *3. Ireo Andrim-panjakana sy ny Andraikiny*

### a. Repoblika Voalohany

| | **Fahefana Mpanatateraka** | **Fahefana Mpanao lalàna** | | **Fahefam-pitsarana** | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | Parlemanta | | | |
| **Andrim-panjakana** | Ny Filoham-pirenena<br>Ny Governemanta | Antenimieram-pirenena | Antenimieran-doholona | Fitsarana momba ny Lalàmpa norenana (CC) | Fitsrana Ambony momba ny Andrim-panjakana (CSI) |
| **Andraikiny** | • Sady Filoham-pirenena no Lehiben'ny Governemanta ;<br>• Mitondra Fanjakana ;<br>• Manao izay hampiharana ny Lalàna ;<br>• Mitantana ny Raharaham-panjakana ; | Misolo tena ny vahoaka amin'ny:<br>• Fandaniana ireo tolo-dalàna sy volavolan-dalàna;<br>• Fankatoavana ny teti-bolam-panjakana | | • Mitandro ny Fahamarinana;<br>• Manao izay hampanajana izany; | |

### b. Repoblika Faharoa

| | **Fahefana Mpanatanteraka** | | | **Fahefana Mpanao lalàna** | **Fahefam-pitsarana** |
|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana** | Ny Filoham-pirenena | Filan-kevitra Fara-Tampony amin'y Tolom-Piavotana (CSR) | Ny Governemanta tarihin'ny Praiminisitra | Antenimieram-Pirenena Entim-Bahoaka (APEB=ANP) | Fitsrana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) |
| **Andraikiny** | • Filoham-pirenena<br>• Filohan'ny Tafi-bahoaka; | • Mandrindra ny Paik'ady itondrana ny Tolom-piavotana<br>• Mpanolo-tsaina ny Filoha | • Mitondra Fanjakana;<br>• Mitantana ny Raharaham-panjakana | Misolo tena ny vahoaka amin'ny:<br>• Fandaniana ireo tolo-dalàna sy volavolan-dalàna;<br>• Fankatoavana ny teti-bolam-panjakana | • Mitandro ny Fahamarinana;<br>• Manao izay hampanajana izany;<br>• Mamoaka ny valimpifidianana<br>• Manaramaso ny fifidianana |

## d. Repoblika Fahatelo

| | Asa Mpanatanteraka | | Asa Mpanao lalàna | | Asam-pitsarana |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | Parlemanta | | |
| **Andrim-panjakana** | Ny Filoham-pirenena | Ny Governemanta tarihin’ny Praiminisitra | Antenimieran-doholona | Antenimieram-pirenena | Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorena na (HCC) |
| **Andraikiny** | • Filoham-pirenena<br>• Filoha Fara-Tampon’ny Tafi-bahoaka;<br>• Filohan’ny Filan-kevitra Ambonin’ny Mpitsara ;<br>• Manendry ny Praiminisitra;<br>• Manendry ny Minisitra araka ny tolo-kevitry ny Mnisitra | • Mitondra Fanjakana;<br>• Mitantana ny Raharaham-panjakana; | Misolo tena ny vahoaka amin’ny:<br>• Fandaniana ireo tolo-dalàna sy volavolan-dalàna ;<br>• Fankatoavana ny teti-bolam-panjakana | | • Mamoaka ny vokatra ôfisialin’ ny fifidianana Filohan’ny Repoblika, Loholona, Solombavam-bahoaka<br>• Manamarina ny fifanarahan’ny lalàna avoaka amin’ny Lalàmpanorenana |

## e. Repoblika fahefatra

| | Mpanatanteraka | | Mpanao lalàna | | Fitsarana |
|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana** | Ny Filoham-pirenena | Ny Governemanta tarihin’ny Praiminisitra | Antenimieran-doholona | Antenimieram-pirenena | Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorena na (HCC) |
| **Andraikiny** | • Filoha Fara-Tampon’ny Tafi-bahoaka ;<br>• Filohan’ny Filan-kevitra Ambonin’ny Mpitsara ;<br>• Manendry ny Praiminisitra atolotry ny antoko na vondron’antoko maro an’isa ao amin’ny Antenimierampirenena ;<br>• Manendry ny Minisitra araka ny tolo-kevitry ny Praiminisitra<br>• Mitarika ny Filan-kevitry ny Ministra | • Lehiben’ny asam-panjakana<br>• Mitantana ny Raharaham-panjakana<br>• Mitarika ny Filan-kevitry ny Governemanta | Misolo tena ny vahoaka amin’ny:<br>• Fandinihana sy Fandaniana ireo tolo-dalàna sy volavolan-dalàna ;<br>• Fankatoavana ny teti-bolam-panjakana<br>Manara-maso ny asan’ny Fahefana mpanatanteraka | | • Mitandro ny Fahamarinana ;<br>• Manao izay hampanajana izany ; |

**Rafitra manamafy ny Toekarena, ny Demôkrasia, ny Fahamarinana ary ny Firaisam-pirenena :**

- Filankevitra misahana ny Toekarena, ny Fiarahamonina ary ny Kolontsaina
- Filankevitra Ambony Miaro ny Demôkrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna

# F. NY TANTARAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

| | |
|---|---|
| 1958 (14 ôktôbra) | Fanambarana ny maha-Repoblika an'i Madagasikara |
| 1959 (29 aprily) | Fankatoavana ny Lalampanorenan'ny Repoblika Malagasy voalohany |
| 1959 (01 mey) | Voafidin'ny Antenimiera mpanao lalàmpanorenana ho Filohan'ny Repoblika Voalohany Atoa TSIRANANA Philibert |
| 1960 (26 jona) | Fanambarana ny Fahaleovantenan'i Madagasikara |
| 1965 (30 martsa) | Lanin'ny mpifidy ho Filoha fanindroany Atoa TSIRANANA Philibert, ny olompirenena no mifidy |
| 1972 (30 janoary) | Lanin'ny mpifidy ho filoha fanintelony Atoa TSIRANANA Philibert, ny olompirenena no mifidy |
| 1972 (aprily-mey) | Fitokonana sy korontana pôlitika. Natolotra ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny fahefana feno |
| 1972 (29 aogositra) | Nivoaka ny didy mampihatra ny lalà-miaramila |
| 1972 (8 ôktôbra) | Fitsapan-kevi-bahoaka nampanaovin'ny Jeneraly RAMANANTSOA. Vokany : nihataka tanteraka Atoa Philibert TSIRANANA |
| 1975 (25 janoary - 01 febroary.) | Rava ny Governemantan'ny Jeneraly RAMANANTSOA. |
| 1975 (06 febroary.) | Natolony an'i Kôlônely Richard RATSIMANDRAVA ny fahefana. |
| 1975 (11 febroary) | Nisy namono ny Kôlônely RATSIMANDRAVA. Natsangana ny Fitondrana tarihin'ny miaramila ka ny Jeneraly ANDRIAMAHAZO Gilles no nitarika izany |
| 1975 (15 jona) | Voatendrin'ny Fitondrana miaramila ho Filoham-pirenena sy Lehiben'ny Governemanta Atoa Didier RATSIRAKA. Nosoloana ny Filankevitra Faratampon'ny Tolompiavotana ny Fitondrana miaramila |
| 1975 (21 desambra) | Nekena tamin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny Satan'ny Revolisiônina sôsialista, ny Lalàmpanorenana mametraka ny Repoblika faharoa, ary maha-filohampirenena an'Atoa Didier RATSIRAKA |
| 1975 (30 desambra) | Nambara ho Repoblika demôkratika ny Repoblikan'i Madagasikara |
| 1982 (7 novambra) | Voafidy fanindroany ho Filoham-Pirenena Atoa Didier RATSIRAKA |
| 1989 (12 martsa) | Voafidy fanintelony ho Filoham-Pirenena Atoa Didier RATSIRAKA |
| 1989 (desambra) | Fanitsiana ny Lalàmpanorenana mba ho fanalalahana ny famoronana antoko pôlitika |
| 1992 (18 septamnbra) | Voafidy tamin'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny Lalàm-panorenena vaovao ho fananganana ny Repoblika fahatelo |
| 1993 (10 febroary) | Voafidy ho Filoham-Pirenena Atoa ZAFY Albert |

| | |
|---|---|
| 1993 (10 aogositra) | Voafidin'ny Parlemanta ho Praiministra Atoa Francisque RAVONY |
| 1995 (17 septambra) | Nekena tamin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny fanovana ny Lalàmpanorenana mba hahafahan'ny Filohan'ny Repoblika mifidy ny Praiministra. |
| 1995 (30 ôktôbra) | Nametra-pialana Atoa Francisque RAVONY (13 ôktôbra). Atoa Emmanuël Rakotovahiny no nisolo azy |
| 1996 (15 mey) | Nolanin'ny maro an'isa tao amin'ny Antenimieram-pirenena ny « motion de censure », Fitsipaham-pitokisana ny Praiministra RAKOTOVAHINY Emmanuël Nametra-pialana ny Governemanta tamin'ny 20 may. |
| 1996 (05 jona) | Voatendry ho Praiministra Atoa RATSIRAHONANA Norbert Lala, Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana |
| 1996 (jolay) | Nolanian'ny Antenimieram-pirenena ny Fampiatoana ny Filoha ZAFY Albert amin'ny asany. |
| 1996 (05 septambra) | Nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny tsy fahafahan'ny Filoham-pirenena manohy ny asany (empêchement) nolanian'ny Antenimieram-pirenena ary notrendreny ho Filoham-panjakana vonjimaika RATSIRAHONANA Norbert |
| 1997 (31 janoary) | Voafidy ho Filohan'ny Repoblika ny Amiraly RATSIRAKA Didier Ignace. Notendreny ho Praiministra Atoa RAKOTOMAVO Pascal (21 febroary1997) |
| 1998 (05 mars) | Fitsapan-kevi-bahoaka momba ny fanitsiana ny Lalàmpanorenana. 50,96 % no ampaham-bato azon' ny ENY |
| 2001 (16 desambra) | Fifidianana ho Filoham-pirenena |
| 2002 (21 janoary) | Fiantsoana fitokonana faobe ho fanoherana ny fanodikodinana ny safidim-bahoaka tamin'ny fifidianana. |
| 2002 (06 mai) | Nambara tamin'ny fomba ôfisialy ny maha-Filoham-pirenena an'Atoa Marc RAVALOMANANA. |
| 2006 (3 desambra) | Voafidy ho Filohan'ny Repoblika fanindroany Atoa RAVALOMANANA Marc |
| 2007 (4 aprily) | Fanavaozana ny Lalàmpanorenana (natao ho teny ôfisialy fahatelo ny teny anglisy miaraka amin'ny teny malagasy sy ny teny frantsay ary nofoanana tao anatin'ny Lalàmpanorenana ny teny hoe «Fanjakana lahika » izany hoe ny tsy fiankinan'ny Fanjakana amin'antokom-pivavahana) |
| 2009 (17 martsa) | Nametra-pialana Atoa Ravalomanana ary nanome fahefana feno ny Fitondrana miaramila izay namindra izany tamin'i Atoa Andry RAJOELINA |
| 2010 (06 desambra) | Nambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fahalanian'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra |
| 2010 (11 desambra) | Famoahana hanan-kery ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra |
| 2010 (11 desambra) | Fanambaràna ofisialy ny fahaterahan'ny Repoblika Fahefatra |

## IREO DATY ANKALAZAINA

- **01 janoary** : Taombaovao
- **21 februoary** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny
- **08 martsa** : Andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy
- **22 martsa** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny rano
- **29 martsa** : Fahatsiarovana ny mahery fon'ny fitiavan-tanindrazana
- **07 aprily** : Andro maneran-tany momba ny fahasalamana
- **01 mey** : Fetin'ny mpiasa
- **03 mey** : Andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety
- **31 mey** : Andro maneran-tany tsy ifohana sigara sy ihinanana paraky
- **Volana jona** : Volan'ny ankizy
- **05 jona** : Andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana
- **12 jona** : Andro maneran-tany iadiana amin'ny fampikaramana ankizy
- **16 jona** : Andron'ny ankizy afrikanina
- **26 jona** : Andro iraisam-pirenen'ny iadiana amin'ny fidorohana zava-mahadomelina
- **26 jona** : Andro ankalazana ny fetimpirenentsika isan-taona
- **11 jolay** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny mponina
- **12 aogositra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora
- **08 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra
- **21 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandriampahalemana
- **01 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zokiolona
- **16 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo
- **16 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandeferana
- **20 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho ho an'ny zon'ny ankizy
- **25 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho fanafoanana ny herisetra atao amin'ny vehivavy
- **01 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny SIDA
- **03 desambra** : Andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny olona manana fahasembanana
- **09 desambra** : Andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly
- **10 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny olombelona
- **15 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia
- **25 desambra** : Krismasy na Noely

# VI. IREO KARAZAN-DALÀNA MIARO NY OLOMPIRENENA

## A. LALANA IRAISAM-PIRENENA

- Dina iraisam-pirenena momba ny Zon'ny olombelona
- Tanjon'ny Taona arivo momba ny Fampandrosoana

## B. LALÀNA MALAGASY

- Lalàmpanorenana malagasy tamin'ny 11 Dsambra 2010 ;
- Fehezan-dalàna momba ny Asa ;
- Ny Lalàna faha-2008-011 manoritra ny rafitry ny Fanabeazana sy Fampianarana ary Fanofanana eto Madagsikara ;
- Lalàna faha-2008/008 tamin'ny 25 jona 2008 momba ny fandrarana, ny fisorohana ary ny fanenjehana ny asa fampijaliana sy sazy na fitondrana feno habibiana, tsy manaja ny maholona ary mamery hasina ;
- Lalàna faha-2007-022 tamin'ny 22 aogositra 2007 momba ny fanambadiana izay mametra ho 18 taona ny taona farany ambany ahazoana manorin-tokantrano ;
- Lalàna faha-2007-038 mameno na manova ny andininy sasany ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana momba ny fiarovana amin'ny fivarotana olona sy ny fizahan-tany mamoa fady.

# VII. RAFITRA MIARO NY ZON'NY OLOMPIRENENA

### *1. Ny Rafi-piarahamonina*

a) Ny fianakaviana
b) Ny raiamandreny
d) Ny mpiara-monina

### *2. Ny Rafi-panjakana*

a) Ministera miadidy ny Fitsarana
b) Ministera miadidy ny Fahasalamana
d) Ministera miadidy ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sôsialy
e) Ministera miadidy ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsôsilay
f) Ministera miadidy ny Fanajariana ny tany sy ny Fitsinjaram-pahefana
g) Ministera miadidy ny Atitany
h) Ministera miadidy ny Filaminam-bahoaka

### *3. Ny Rafitra ivelan'ny fanjakana*

a) Ny fikambanana tsotra

b) Ny fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na ONG

### *4. Ny rafitra iraisam-pirenena*

a) UNICEF

b) FNUAP

d) PNUD

e) BIT

## VIII. TRANGA ISEHOAN'NY FANOSIHOSENA NY ZO SY TSY FANAJANA NY ADIDY

### A. INONA NO ATAO RAHA VOAHOSIHOSY NY ZO?

Ny olompirenena dia manana paika fiantohana izay hahafahany mampitsahatra izany fanosihosena izany, hanasazy na koa mampandoa onitra izay manao izany, arakaraka ny toe-javatra.

Azony hatao, araka izany ny manatona:

• tompon'andraiki-panjakana ka mametraka fitoriana na fitakiana (brigade de gendarmerie, Commissariat de police, lehiben'ny distrika, lehiben'ny faritra, ministera voakasik'izany raharaha izany, ….).

• tompon'andraiki-panjakana tsy miankina (médiature);

• mpitsara (Fitsarana Ambaratonga Voalohany, Fitsarana manokana momba ny asa…) ;

na

• Miantso ny mpanao gazety, ny sendikà, ny ONG, ny fikambanana miaro ny zon'ny olombelona.

TANDREMO: Tsy misy olompirenena mahazo manao valifaty manokana mba hanasaziana ny fanosihosena ny zon'ny olombelona izay nihatra taminy, satria any amin'ny Firenena tan-dalàna dia tsy azo atao ny manao fitsarana amin'ny anaran'ny tena manokana.

### B. INONA AVY NY SAZY RAHA TSY MANAJA NY ADIDY?

Raha misy olompirenena tsy miraharaha, manadino na tsy mahafantatra ny adidiny, dia misy sazy miandry azy voalazan'ny lalàna ary misy karazany roa:

Ny sazy ara-panjakana izay ampiharin'ny manam-pahefana mahefa fa tsy ilàna mpitsara (contravention, procès permis,…)

Ny sazy avy amin'ny fitsarana aorian'ny fifandaharana (fandoavana lamandy, fitanana am-ponja, onitra noho ny fanimban-javatra, …)

*Ny olompirenena vanona dia mirehareha noho ny fahavelomany ho an'ny Tanindrazany, mirehareha noho ny zom-pirenena zakainy, mirehareha noho ny fiteniny, noho ny tantarany, noho ny fomba amam-panaony, sy ny fomban-drazany, noho ny zavakanto ao aminy sy ny harentsamihafa ananany.*

*Ny olompirenena vanona dia tsy mianona amin'ny tombontsoany samirery sy ny fitakian-jo fotsiny ihany fa mahatsiaro tena koa ho anisan'ny singa manan-danja amin'ny fampandrosoana ny Fireneny ka mandray anjara feno sy mavitrika amin'ny Fiandrianam-pirenena ary mahefa ny adidy aman' andraikiny.*

Fizahan-takila


I - MANAO AHOANA MOA NY OLOMPIRENENA VANONA ? 05
A. FAMARITANA 05
B. MARIKY NY MAHAOLOMPIRENENA 07
II - ZO SY ANDRAIKITRO AMIN'NY MAHAOLOMPIRENENA AHY 09
III - TSY ZO FOTSINY IHANY NO ANANAKO
AMIN' NY MAHAOLOMPIRENENA VANONA AHY ! 10
A. EO AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA 10
B. EO AMIN'NY LAFINY PÔLITIKA 10
D. EO AMIN'NY LAFINY TOE-KARENA, SÔSIALY
ARY KOLONTSAINA 11
E. EO AMIN'NY LAFINY PÔLITIKA 11
F. EO AMIN'NY LAFINY TOE-KARENA, SÔSIALY
ARY KOLONTSAINA 13
G. MANOLOANA NY VAHOAKA 13
IV - MADAGASIKARA TANINDRAZAKO 19
A. NY TANINDRAZAKO 19
B. NY HIRAM-PIRENEKO 19
D. NY SAINAM-PIRENEKO 19
V - NY REPOBLIKA 21
A. MADAGASIKARA : TANY REPOBLIKANINA MAMPIHATRA
NY DEMÔKRASIA 21
B. NY LALÀMPANORENANA 23
D. NY FIFIDIANANA 25
E. IREO REPOBLIKA NIFANDIMBY HATRAMIN'NY 1958 26
F. NY TANTARAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA 29
VI IREO KARAZAN-DALÀNA MIARO NY OLOMPIRENENA 32
VII RAFITRA MIARO NY ZON'NY OLOMPIRENENA 32
VIII TRANGA ISEHOAN'NY FANOSIHOSENA NY ZO SY SY FANAJANA
NY ADIDY 33

conception Harson development hardev@moov.mg

OEMC/MEN
oemc_men@yahoo.fr
www.oemc-men.mg